Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Nandray
andraikitra
i Josoa

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Janie Forest

Nampifanarahin'i: Ruth Klassen
Alastair P.

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay"
na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta
Amborovy Mahajanga Madagascar

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2020 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity
nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Efa nodi-mandry i Mosesy. Fantatr'i Josoa fa nifidy azy Andriamanitra hitarika ny Israely.

Mialoha ny
nanomanany
ny miaramilany,
dia tsy maintsy
nanomana ny
tenany koa
aloha izy.



Andriamanitra dia nampanantena an'i Josoa fandresena ary koa fahombiazana ao amin'ny tany nampanantenainy azy, raha toa ka manaraka ny Tenin'-Andriamanitra ny vahoaka.



Nanaiky ny hanaraka an'i Josoa sy
hankato mandrakariva ny ...

... tenin'Andriamanitra ireo Israely.

Naniraka mpitsikilo maromaro
ho any Kanana i Josoa hisafo ny
tananan'i
Jeriko. Ao
mantsy no
hisy ny ady
voalohany
hatrehan'ny
Israely.

Nisy olona nitatitra tany amin'ny Mpanjakan'ny Jeriko fa misy mpitsikilo tonga ao an-tanana. Nalefany hizaha azy ireo noho izany ny miaramilany.

Nanomboka tany amin'ny tranon'ny Rahaba, toerana iray izay niantranoan'ireo mpitsikilo ny fisavana.

Nandraman'ireo miaramilan'ny mpanjaka novohana ny varavarana. Nafenin'i Rahaba haingana tany an-tampon-trano tao anaty tahon-drongony ireo lehilahy.

Rehefa lasa ireo miaramila, nampiasa tadimahazaka i Rahaba hampidinana ireo lehilahy tamin'ny rindrin'ny tanàna. Fa naninona ary izy no nanampy ireto mpitsikilo?

Satria fantany
fa miaraka
amin'izy ireo
Andriamanitra.
Tiany mba
hamonjy ny
ainy tsy ho faty
Andriamanitra.

Nampanantena ny hamonjy an'i Rahaba sy ny fianakaviany ireo mpitsikilo.

Mialohan'ny hahatongavana ao Jeriko dia tsy maintsy miampita ny reniranon'ny Jordana ao Kanana,



ilay tany nampanantenaina aloha ny Israely.

Saingy tsy misy na tetezana iray aza hiampitana. Ahoana re no hataon'ireto vahoaka e?



Andriamanitra dia nilaza tamin'i Josoa fa ireo mpisorona izay mitondra ny vatamasina no tokony hitarika ny miaramila sy ny vahoaka,



raha toa ka manaja ny didy folo izy ireo.

Vantany vao nanitsaka ny sisin'ny renirano ny tongotr'ireo mpisorona, dia nanao fahagagana lehibe Andriamanitra. Nisy lala-maina nahafahana niampita ilay rano.



Rehefa tafampita daholo ny olona,
dia nametraka vato roambinifolo tao
anatin'ny renirano sy
vato roambinifolo
hafa teo amin'ny
moron'ny Kanana
izy ireo.



Izany dia
mba hahafahan' ny
vahoaka hampita amin'ny
zanak'izy ireo ny amin'ny
fahefan'Andriamanitra
sy ny fitiavany.

Voadidina rindrina
tena matevina sady
mafy i Jeriko.

Ary satria efa nanomana ny fanafihana nataony i Josoa, dia nandefa ny kapiteny lehibe ny tafiny izy mba hampahatsiahy ireo ...



... tompon'andraikitra
vaovao fa
Andriamanitra
dia mpandresy
mandrakariva
eo amin'ny
ady ataony
ho an'ny
vahoakany.



Niteny tamin'i Josoa Andriamanitra ny hanafika an'i Jeriko. Tena tetika hafa mihintsy no nentina nampiasaina.



Nasaina nihodidina ny tanàna indray mandeha isan'andro mandrindra ny enina andro aloha ny vahoaka, fa tamin'ny andro fahafito kosa dia natao impito mihodidina.



Nasaina nitsoka trompetra
sy nikikiaka mafy izy ireo
tamin'izany, mba handrodanana
ny rindrin'ny Tanana.

Notanterahan'i
Josoa sy ny tafiny
antsakany sy an-davany ny
baikon'Andriamanitra.

7



Angamba naneso
azy ny mponin'ny
Jeriko.



Saingy tao aorian'ny ny fihodinana fahafito ny andro fahafito, nitsoka trompetrany ireo mpisorona, ary arak'izay ...

7





... nampanantenain'Andriamanitra
dia NIRODANA TOKOA
NY MANDAN'NY JERIKO.

7





Ny tranon'i Rahaba
irery sisa no tsy nirodana.
Navelany nikirazorazo
teo am-baravarakeliny
ilay tady mahazaka.

Navotan'ny olon'i
Josoa faingana
Rahaba sy ny
fianakaviany.

Nony avy eo,
nirodana tanteraka
i Jeriko, araka ny
baikon'Andriamanitra.

Josoa dia
nanolotra ny volamena,
ny volafotsy ary ny
harena rehetra tao Jeriko
hanompoana an'Andriamanitra.

Nametraka ozona ho
an'ireo mbola te hanorina
ny tanàna izy ireo.

Niparitaka eraky
Kanana ny fomba nandresen'i
Josoa an'i Jeriko. Fantatr'izy
ireo fa Andriamanitra dia
niaraka tamin'ny vahoakany.

Nandray andraikitra i Josoa

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra,
ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Josoa 1-6

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava." Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala
amin'ny fahotanao ianao, dia izao
no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy
Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy
Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako,
ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-
baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny
Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona
ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha
amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16